MAHAJANGA 4

# MPIANATRA HITA FATY NIHANTONA TAMIN'NY TADY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7562 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 05 may 2023


BIANCO 7

## HANDRAISANA FEPETRA MANOKANA



## NY FILOHAN'NY CAF TEO ALOHA

TROSA 250 MILIARA ARIARY TSY VOALOA 8

## NANDRAHONA NY HANAPAKA NY FAMATSIANA HERINARATRA NY TOZZI GREEN

MARINA IZANY ! 7

MAMPITSANGAM-BOLO !

Tsaroako ilay...

LOLA 2

SEMPOTRA TSY NAHAVOAKA FEO TEO AN-TSEHATRA



SITENY R. 7



"TSY HANAO VALIFATY POLITIKA RAHA..."


TOURNOI INTER MÉDIAS 3

HANDRAY ANJARA NY VONDRONA MIDI

RAHARAHA RAISSA RAZAIVOLA

VOAHOSO-POTAKA NY TONTOLON'NY FITSARANA MALAGASY 4

FAFI V 8



AN-JATONY IREO ZAZA VITA DIDIMPOITRA FAOBE







## Tsaroako ilay...

Lola

# Sempotra tsy nahavoaka feo teo an-tsehatra

*Lola. Mpanakanto anisan'ny sangany eto amintsika. Hanatanteraka seho goavana etsy amin'ny kianjan'ny Esca Antanimena izy, rahampitso alahady 7 mey tolakandro. Fampisehoana izay ambarany fa tsara fanomanana indrindra hatramin'izay naha Lola azy izay. Roa volana mahery teo ihany ny fanomanana, saingy nihazakazaka be ny aingam-panahy sy ny fanambarana ny tsiaro ka ohatra ny nandeha ho azy ny fikarakarana rehetra. Seho adiny 4 tsy miato, hira 50 no nomaniny miaraka amin'ny ravaka , mpitendry manampy ireo efa mpiara-dia aminy, mpandihy sy ny maro hafa. Alohan'izay, hitantara fahatsiarovany aloha izy anio :*

**Niantona teo ambony letisia**

Tany Manakara no nandanian'i Lola ny fahazazany. Misy 9 mianadahy izy ireo, fa izy kosa no farany sady lahitokana ankehitriny. Anisan'ny fahatsiarovana nanamarika azy tamin'izany ity tantara iray ity : 10 taona teo ho eo izy tamin'izay, ary fanaon'ny ankizy any antoerana ny miakatra ambony letisia, dia eny no mitango sady mihinana. Manao izay lany mihitsy moa fa eo ampotony. Indray andro, tsy nahatsiaro voky fa nibosesika letisia ny anao lahy. Efa hidina hiala eny ambony hazo vao nahatsapa fa voky be ka tsy afaka nihetsika. Ny tanany fotsiny no afaka nihetsika, fa ny hany nataony dia niandry ora iray teo ho eo vao nihetsika. Nanomboka teo dia tsy sahy nihinanana be dia be intsony izy fa fay. Ary tsy izy ihany no efa tratran'io, araka ny fitantarany, fa ny ankamaroan'ny olona mipetraka any mihitsy.

**Nazeran'ny taxi dia nitomany**

Mbola tamin'ny fahazazany



ihany ity tantara iray ity. Fanaon'ny reniny rehefa alahady hariva iny ny mitondra azy mianadahy avy mitsangantsangana eny amorona-dranomasina. Taxi 2CV ireny no mitatitra azy ireo mankany amorondranomasina tamin'izany. Maromaro izy ireo no indray mitaingina anatin'ilay taxi, ka izy no nipetraka tamin'ny sisiny. Kanjo tsy nikatona tsara ny varavaran'ilay fiara, ka vao nahazo fiolanana dia niajera nanaraka ilay varavaran'ny taxi izy. Soa ihany fa nandeha mora ilay taxi, ka tsy naninona izy. Fa ny nahatsikaiky dia tsy tsikaritr'ilay sofera hoe nisy latsaka ka efa lasa 50 metatra vao tafajanona ny fiara. Nihazakazaka namonjy ilay fiara i Lola sady nitomany nigogogo be.

**Manaraka mpampandihy**

Ny iray tampo tamin'i Lola, dia saika niditra fikambanana tany am-piangonana daholo ary nazoto namonjy fotoana. Ny an'i Lola kosa anefa tsy izany fa variana manenjika toeram-pandihizana eran'ny tanàna. Mangataka amin'ireo mpihira mba hihira na hitendry no mahafinaritra azy. Mbola vao 14 taona izy tamin'izany. Izy rahateo mbola kely, izany hoe 6 taona dia efa nahay nitendry gitara, satria nisy gitara tao an-tranony. Ny rainy rahateo tia mitendry sady nampianatra azy nitendry. Ny raibe sy renibeny ihany koa moa fanta-daza tamin' ny fivoizana ny batrelaka tany Manakara sy ny manodidina. Ny dadabeny mitendry angorodao fa ny renibeny mpihira tamin'ny fotoan'androny. Koa efa ra nikoriana tao anatiny ny mozika, dia tsy voatazona fa mitady hitroatra sy lalana hatrany.

**Sempotra tsy nahaloapeo teny an-tsehatra**

Tamin'ny 2002 no niakatsehatra voalohany tao Antsahamanitra i Lola. Tsy nampoiziny mihitsy ny zava-nitranga satria tonga marobe ny olona ary feno hipoka Antsahamanitra. Vao nahita ireo olona be dia be avy eny ambony lapihazo i Lola dia taitra ka tsy nahaloa-peo. Ohatra ny sempotra izany izy raha ny fahatsapany azy, tsy avy niaina mihitsy, ka tsy tafavoaka hatramin'ny feony. Minitra vitsy mihitsy no nitrangan'izay vao niverina tamin'ny laoniny ny heriny. Nanomboka teo dia niakatra hatrany ny lazany ary nahavita nitety firenena maro izy. Eoropa manontolo; Oseana Indiana, Canada (Amerika), Azia sy ny maro hafa.

**Nangonin'i Fy**

Charles Philip Arthur Georgea

# Apetraka amin'ny maha mpanjakan'i Angletera azy anio

Andro lehibe sady hipetraka ho tantara tsy azo kosehina eo amin'ny Anglisy ny andro anio. Anio tokoa no hasandratra ary hosalorana ny satro-boninahitra volamena amin'ny maha mpanjaka azy i Charles Philip Arthur Georgea, na Roi Charles III, sy ny vadiny, ny mpanjaka vavy Consort Camille. Lanonan-dehibe tsy hanampaharoa no hanamarihan'ny fanjakana angilsy izany. Taorian'ny nahafatesan'ny Mpanjaka Vavy Elisabeth II izay nitondra ny satroboninahitra hatramin'ny taona 1953 dia anio indray vao hisy izany lanonana izany. Hitovy tsy misy valaka tamin'ny fanandratana ho mpanjaka hatramin'izay no hiseho eny amin'ny Abbaye de Westminster anio ary ilay kalesy volamena mihitsy no hitondrana ny mpanjaka Charles. Olona tsy latsaky 2 200 avy amin'ny firenana maro samihafa no nasaina hanatrika izany. Ho antsika eto Madagasikara dia ny minisitry raharaham-bahiny,



**Kalesy volamena no hitondra ny mpanjaka Charles hihazo ny Abbaye de Westminster anio.**

Yvette Sylla, no hisolo tena ny fanjakana malagasy hanatrika izany raha araka ny fanambaran' i David Ashley, masoivoho britanika miasa sy monina eto amintsika, omaly tetsy amin' ny toeram-ponenany etsy Ivandry. Ankoatra izay dia nambarany fa mandritra ny 3 andro no hanamarihana izany. Aorian'ity anio ity dia hisy ny fampisehoana antsehatra ara-kolontsaina (Concert de couronnement) ao amin'ny lapan'i Windsor, izay handraisana mpanakanto maro rahapitso alahady, ary hamaranana izany ny alatsinainy ny "Big Help out" izay entina hamporisihana ny olona eo anivon' ny fanjakana Britanika, Asa soa entina hanampiana tanana maro any an-toerana mba hanomezana voninahitra ny Mpanjakavavy Elisabeth amin'ny fanatsarana ny asam-panjakana izay nimatimatesany.

**Hetsika eto Antananarivo**

Ankoatra izay dia amin'ity anio ity ihany koa no hasandratra amin'ny maha mpanjaka azy ireo mpanjaka 14 avy amin'ny firenena mivondrona eo anivon'ny Fanjakana Britanika.

Ankilany, samy hanamarika ity andro lehibe ity avokoa ireo firenena misy ny masoivoho britanika maneran-tany. Ho an'ny eto Antananarivo dia hisy ny hetsika nokarakarainа mandritra ny telo andro ihany koa amin' iny herinandro iny. Nanomboka omaly kosa dia efa noravahana jiro maro loko hanamarihana izany etsy amin'ny Hotel de ville Analakely. Nisaotra ny tananan' Antananarivo renivohitra moa ny masoivoho britanika, David Ashley, amin'ny fahafahana nanao izany. Fa misy ihany koa ny fanasana ataon'ny masoivoho britanika ho an'ny mpitondra isan'ambaratongany sy ireo fiarahamonim-pirenena ary ireo masoivoho avy amin'ny firenen-kafa miasa sy monina eto amintsika.

Marihana fa efa am-polo taonany maro no niaraniasa ny firenena malagasy sy ny Britanika.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fitiavana dradraina sy ventesina ombieny dia niantomboka avokoa teo am-pofoan'ny reny. Ianao ilay malahelo sy very hevitra iny, mihenjihenjy eny fa nilaozan'olon-tiana… dia aiza no hiantoraka? Eo am-pofoan'i Neny."

**Ny Vetso (17. 09. 15)**

("Motherhood: All love begins and ends there."
Robert BROWING)

Rarivoson Micka Ny Tsiorintsoa

# Nianatra karazan-dihy maro, maniry ho lasa matihanina amin'izany

Tanora iray tena tia mandihy sy mankafy mandihy mihitsy raha Rarivoson Micka Ny Tsiorintsoa. Nanomboka tamin'ny faha-14 taonany no nanandramany mandihy voalohany ka tamin'izany dia nianatra ireo karazam-pihetsika (mouvements) sy famindra (pas de danse) izy tamin' ilay hira na dihy antsoina hoe Reverse izay. Rehefa avy eo dia nanomboka liana tamin'ny resaka « k-pop » ireny indray izy, izay vao mainka nampitombo hatrany ny fahaizany. Tsy nijanona teo izy fa nianatra dihy « Afro » sy « dancehall » ihany koa. Tsy nitsahatra mihitsy ny fitiavana te hikaroka zava-baovao tao aminy ka dia tamin'ny faha-18 taonany dia nianatra izany hoe « street jazz » izany indray koa izy. Nianatra ny fomba fandihy rehetra ao anatin'izany izy ary dia amin'izao ireo karazan-dihy efatra ireo no tena ataony sy voiziny ary azo lazaina fa efa manana talenta be amin'izany ny tenany. Mbola tsapany hatrany anefa fa misy foana ny zavatra tokony hohatsaraina, ka dia vonona hatrany ny tenany hitrandraka sy hianatra mba ho lasa matihanina bebe kokoa amin'ity sehatra ity. Tsy mijanona eo amin'ny hoe mianatra mandihy fotsiny koa izy fa mampianatra dihy ihany koa. Hanokatra pejy fesiboky izay izy "Game of Dance", ka ao no vinavinainy hamoahana fampianarana dihy ho an'ny olona ihany koa. Fa ankoatra izay dia efa ao anatin'ny tarika iray DAU (Dance All up) izay koa izy ary ao no ahafahany mampiseho ny talentany amin'izao. Anisan'ny nandray anjara tamin'ilay hetsika nentina nanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny dihy moa io tarika misy azy io.



**Vonona hitrandraka sy hianatra karazan-dihy i Micka.**

**Tanya.R**




"Tournoi Inter-Medias 2023"

# Handray anjara mavitrika ny vondrona MIDI Madagasikara

Anisan'ireo orinasa fanaovan-gazety, hiatrika ny "Tournoi Inter-Médias 2023", tanterahina anio tontolon'ny andro, eny amin'ny kianja "Annexe"-n'ny Barea Mahamasina ny "Groupe Midi Madagasikara". Manana ekipa telo handray anjara amin'ny fifaninanana izy. Anankiroa eo amin'ny taranja baolina kitra lalaovin'ny olona fito, ary tokana kosa eo amin'ny basket-ball "mixte". Noho ny zavabitany teo amin'ny fifaninanana taranja ara-panatanjahantena, natokana ho an'ny orinasa fanaovan-gazety, dia anisan'ny ekipa atahorana sy arahin'ny mpifanandrina maso akaiky ny ekipan'Ankorondrano. Tsy manao ambanin-javatra ny fikarakarana sy ny fanomanana ny mpilalaony, hiaro ny voninahiny, ny mpitantana azy, izay hisy hiaramilalao amin'ny mpiasa amin'ity indray mitoraka ity. Tsy azo odian-tsy hita koa anefa ny fanomanan-tena nataon'ireo orinasa sasany. Raha tsy diso ny fitadidiana dia ity "Tournoi Inter-Médias" kakarakain'ny OJM sy ny UJSM ary ny JOBA miaraka ity no lafatra indrindra, raha tarafina amin' ny fahamaroan'ny isan'ny mpandray anjara sy ny fahamaroan'ny orinasa mpanohana, ary indrindra ny fanomezan-tanana ataon'ny mpitantana ny firenena, dia ny Minisiteran'ny Serasetra sy ny Kolontsaina ary ny Prezidansa tamin'ny fanomezana ny toeram-pilalaovana.

**aris rafaly**

SESAM andiany faha-3

# Afaka nianatra haiady maimaimpoana ny mpitsidika

Fitsidihana ireo tranoeva niarahana tamin'ireo mpanohana sy mpiara-miasa, toy ny Aro, Kay Keny, Mvola, A+ service, omaly no nanokafana ny hetsika SESAM (Sport Sport Extrême et Salon des Arts Martiaux). Haharitra 3 andro ity andiany fahatelo ity, izay tanterahina etsy amin' ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena. Ho feno tanteraka ny fandaharam-potoana eny antoerana, araka ny nambaran-dRatsimiseta Tsiry avy ao amin'ny SEHO mpikarakara. Ho an'ny andro voalohany omaly, taorian'ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy, nisy ny fanentanana "fitness zumba". Teo ihany koa ny fampisehoana sy fampianarana amin'ireo karazana haiady. Nampiavaka iny omaly iny ny fisian'ny "challenge", izay nisy maître mampanao zavatra. Raha tafaverinao dia an'isan'ny "challenger" ianao. Ho an'ny anio, manomboka amin'ny 8 ora maraina, hisy ny fampisehoana sy fifaninanana "Roller, Parcours sy Trial". Amin'ny tolakandro dia hisy ny fampisehoana ataon'ireo mpiangaly haiady. Ho an'ny rahampitso alahady, izay andro faran'ny hetsika, dia hisy hatrany ny fampisehoana iarahana amin'ny "sport extremes" amin'ny maraina. Amin'ny tolakandro kosa no hisy ny fifaninanana "skate".

**Rabenaivo**

Jean de Dieu Randrianarivelo

# Manentana ny ligim-paritra handray "Camp de Basket"



Tsy mitsahatra mikaroka an'izay mahasoa sy mampiroborobo ny taranja basketball ny mpanazatra ny ekipam-pirenena, Me Jean de Dieu Randrianarivelo, na i « Deda », fa tsy mianona fotsiny amin'ny fikarakarana ny Ankoay lahy amin'ny « FIBA 3x3 », izay hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Vienne (Autriche) amin'ny talata 30 mey 2023 ka hatramin'ny alahady 04 jona 2023. Araka izany dia mitaona sy manaitra ny sain'ny mpitantana ny ligim-paritra ny tenany, hikarakara ny fandraisana ny « Camp de Basket-ball », hanofanana sy hampianarana ny fototra amin'ny filalaovana an'ity taranja ity, izay fanaon'ny firenena efa lasa lavitra amin'ny filalaovana basketball. Marihina fa nanatanteraka ny anjarany ny Ligin'Atsinanana tamin'ny 28 – 20 – 30 aprily 2023, niarahany niasa tamin'ny CEBB. Nahatratra 52 ny isan'ny mpiofana (36 lahy / 16 vavy).

**aris rafaly**

Kitra - Fampiofanana(67 City Fc)

# Hahazo ny anjarany ny mpanazatra sy mpanao gazety




**Anjara biriky amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra no tanjon'ireto mpikarakara ireto.**

Hotanterahina amin'ny 30 may hatramin'ny 1 jona 2023, ny fampiofanana ho an'ny mpanazatra sy mpanao gazety ara-panatanjahantena, eo amin'ny taranja baolina kitra. Ny klioba 67 City Fc no tomponkevitra amin'izany, izay "à la rencontre du foot de haut niveau" no lohahevitra. Mpanazatra sady mpanofana sangany, Jean Luc Vasseur, no hiandraikitra ny fampiofanana ny mpanazatra. Ferana ho 40 ihany no afaka hanaraka izany. Misokatra ho an'ny rehetra ny fampiofanana, ary nanomboka omaly ny fisoratana anarana ka hifarana amin'ny 20 may. Miantso ireo mpitantana klioba sy ireny sekolin'ny baolina kitra ireny ny tomponandraikitry ny 67 City Fc. Nambaran'i Cedric fa tetikasa efa ela no nanomanan'izy ireo izany. Nitondra fanazavana ihany koa i Faneva Ima, izay filoham-boninahitry ny klioban'ny 67 City Fc, ary vy nahitana izao fampiofanana izao. Tamin'ny taon-dasa no nandefa mpanazatra telo tany ivelany niofana izahay. Hahafahan'ny rehetra manararaotra sy misitraka izany, moramora kokoa ny manafatra mpampiofana, toy izay mandefa mpiofana any ivelany. "*Tanjonay ny mitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra, ka dia nosokafana amin'ny rehetra izy ity*". Hiara-dalana amin'izany koa ny fampiofanana ho an'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena, ka Romain Grimaud no hizara ny traikefany. Efa kalaza amin'ny fitantarana baolina izy. Anisan'izany ny fiadiana ny tompondaka eran-tany sy ny Lalao Olympika. Efa nitantara fifaninanana "afrobasket" teto Madagasikara ihany koa izy, saingy tsy nanam-potoana nifampizarana traikefa tamin'ny mpanao gazety Malagasy. Natao mirary moa ny saram-pandraisana anjara amin'ny fampiofanana, hoy Faneva Ima, ka ferana ho 40 ihany koa ny mpanao gazety hiofana. Hisy "conférence" ihany koa amin'ny fandalovan'izy ireto eto, iarahana amin'ny MJS, hiresahana ny lalana hahatongavana amin'ny sehatry ny matihanina.

**Rabenaivo**

Kitra - " Atsimondrano Champions League "

# Hosokafana manetriketrika rahampitso ny andiany faharoa

Hosokafana amin'ny fomba ofisialy rahampitso alahady 7 may, eny amin'ny kianja Ambohimamory, ny andiany faharoa amin'ny Atsimondrano Champions League (ACL), taranja baolina kitra. Ekipa 78 avy amin'ny kaominina 26 mandrafitra an' Atsimondrano no hifaninana, izay karakarain'ny solombavambahoakan'Atsimondrano miaraka amin'ny "Actions Sports". Nandritra ny fivoriana ara-teknika narahina antsapaka tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina, omaly, no nanambaran'ny mpikarakara fa hiavaka ny amin'ity, satria homena fiofanana ireo mpanazatra ny ekipa mpandray anjara rehetra. Atomboka amin'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny lalao izany ny alakamisy 11 may ary hitohy amin'ny fakana ny "Licence D", mialoha ny famaranana ity "Atsimondrano Champions League", ity. Ankoatra izay, hahazo baolina avokoa ireo ekipa mifaninana. Nanolotra baolina hifaninanana amin'ny fihaonana rehetra kosa ny filohan'ny ligin'Analamanga, Rakotoarimanana Henintsoa (Tôta). Nambarany fa hatao amin'ny kianja "synthètique", any amin'ny faritra Atsimondrano ny famaranana ity ACL ity, satria fifaninanana manana ny lentany noho izy namoaka ekipa mifaninanana amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'ny ligin'Analamanga. "Hiantohan'ny filoham-pirenena avokoa ny lany rehetra sy ny amboara amin'ity ACL ity", hoy ny solombavambahoaka Andry Ratsivahiny. Filaharan'ireo ekipa 78 sy lalao fihantsiana hikatrohan'ireo mpanazatra amin'ny faritra "A" sy "B" no hanokafana ny hetsika ny alahady ho avy izao. Miahy ity ACL ity ny minisitry ny tanora sy ny fanatanjahantena ary ny sekreteram-panjakana misahana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana ary ny governoran'Analamanga.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy : 1ch ambony, 2ch ambany, wc, dch, sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 541/7-7)

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia… Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-14)

* Lamba, poketra, debara, vy, boky, kilalao, korontana tsy ilaina. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-10)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-7)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc…. Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-10)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-10)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-8)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79 (G-BA 537/10-10)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-10)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 545/6-2)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 545/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 545/6-2)

### MITADY ASA

* Mitady asa sécurité, magasinier, tsy mifoka, tsy misotro. Tél : 034.35.278.14. (G-BA 546/1-1)

Mahajanga

# Mpianatra hita faty nihantona tamin'ny tady

*Nahitana rà nitete teo amin'ny manodidina ny toerana nahitana ny razana.*

Teo akaikin'ny kianja filalaovam-baolina tao amin'ny oniversiten'i Mahajanga no nahitana ny fatin'ity tovolahy ity nihantona tamin'ny tady teo ambony hazo, omaly maraina. Taitra avokoa ireo nahita izany. Raha ny fanazavana azo dia mpianatra ao amin'ny oniversite ihany izy ity ka ny mpianatra namany ihany no nahita ny fatiny. Nampandrenesina avy hatrany ny tomponandraikitra tao an-toerana sy ny mpitandro filaminana. Tsy mbola fantatra mazava na nisy namono izy ity na namono tena. Nahitana rà nitete teo amin'ny manodidina ny toerana nahitana ny razana. Fantatra fa mpikambana ao amin'ny FMAATM(Fikambanan'ny Mpianatra Ambaratonga Ambony Terak'i Mandritsara) ity tovolahy ity, izay manodidina ny roapolo taona mahery. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Efa nampandrenesina ny fianakaviany. Tsy vao sambany no nahitana trangan-javatra toy izao tao Mahajanga. Tsiahivina fa vao afakomaly ihany koa no nisy ilay ankizivavy mpianatra namono tena nisotro asidra tao Toamasina. **R. C**



Ilay tovolahy hita faty!

Rongony mahery vaika "crystal"

# Nataon'ireo 2 lahy tany anaty mofo dipaina misy dibera

Tovolahy roa no voasambotry ny polisy mikasika ny fidorohana zava-mahadomelina mahery vaika antsoina hoe « crystal ». Fantatra fa tao anaty mofo dipaina misy dibera no nataon'izy ireo io rongony mahery vaika io. Ankoatra azy roa lahy ireo dia sarona ihany koa ny mpandray sy ny mpamatsy izany zavamahadomelina izany. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny tovolahy roa mpandray io zavamahadomelina io ka raha vantany vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nidina ifotony, ka hita tao tokoa ireo roa lahy ireo. Nisy ny fisavana an-dry zalahy ka tsy nahitana na inona na inona ankoatra ny mofo dipaina teny amin'izy ireo. Ny zavatra tsy nampoizina dia hita tao anatin'ilay mofo dipaina nohanina ilay "crystal". Nosamborina izy roa lahy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana taorian'izay. Tamin'ny alalan'izany no nahafahana nisambotra ireo mpandray sy mpamatsy ny entana. Nitohy araka izany ny fikarohana ary napetraka ny vela-pandrika ka tratra tao amina hotely iray teny Faravohitra ireo mpivarotra niaraka tamin'ny crystal sy fitaovana samihafa fandraisana zava-mahadomelina. Araka ny fantatra ihany koa dia voarohirohy tamin'ny fanafihana mitam-piadiana zay nitranga ny taona 2008 ny iray tamin'izy ireo ary voasambotra tany Foulpointe. **T.H**

Brickaville

# Halatra sy fanampohana solika, olona 3 voasambotra

Tra-tehaky ny zandary tao amin'ny kaominina Marozavavy, distrikan'i Brickaville ireto olona telo voarohirohy tamin'ny halatra sy fanapohana solika ny alarobia lasa teo. Raha ny fanazavana azo dia efa manana tambajotra mihitsy izy ireto ary mbola misy ny namany karohina. Mbola nahatratrarana entana maro izy ireo, izay nahitana "bidons" miisa 113 feno solika, ka ny 53 dia lasantsy efa voatapoka ary ny 8 lasantsy tsotra. Ny 35 kosa nisy gazoala ary 17 solika fandrehitra. Ankoatra ireo dia mbola nahitana toaka gasy tamin'ny "bidons" miisa efatra sy "bidons" miisa 48 mbola tsy misy na inona na inona. Nisy tavoahangy efatra nisy "acides électrolytes" sy tavoahangy hafa nisy loko ary boatin-doko ary fitaovana fanaovany andrana hita niaraka tamin' ireo. Nogiazana avy hatrany ireo zavatra rehetra tratra ireo. Raha ny fanazavana hatrany dia amidin'izy ireo ireto solika hosoka ireto ka tampohiny aloha vao amidiny. Tena loza anefa no aterak'izany saingy ny mpanjifa ihany no mizaka ny vokany. **R.C**



Ambohimangakely

# Fiangonana nisy namaky, entana maro no lasa

Ny alarobia alina lasa teo no nisy namaky ny fiangonana iray eny Ankadindambo-Ambohimangakely. Fitaovana maro tao am-piangonana izay efa an-tapitrisany no very tamin'izany toy ny zava-maneno sy ny kojakoja maro miaraka aminy, ny fanamafisam-peo, micro sy ny maro hafa. Tena nanara-po tamin'ny fandraofana ireo entana lafo vidy rehetra tao am-piangonana mihitsy ireo olon-dratsy ary tombanana ho olona maro izy ireo no niara-nanatanteraka izany. Tsy vitan'olombitsy ny fitaomana ireo entana, izay mety notaterina tamin'ny fiara mihitsy. Tsy nisy nahare na nahatsikaritra ny zava-nitranga mihitsy ny olona teny amin'ny manodidina. Efa maraina vao samy gaga ny rehetra raha nandre sy nahita ny zava-niseho tao am-piangonana. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy nahavanona izao. **R.C**

Raharaha Raissa Raizaivola

# Voahoso-potaka ny tontolon'ny fitsarana malagasy

Mampametra-panontaniana ny maro iny ampamoaka nataon'i Raissa Razaivola iny, izay anisan'ny raharaha mitana ny sain'ny mpanara-baovao amin'izao fotoana izao. Tsy vao sambany akory i Raissa no namoaka dosie mafana. Tsy hilaza ihany isika fa noho izany antony izany no nahatonga ny Minisitry ny Fitsarana teo aloha ho niala tamin'ny toerany. Maro ny horonam-peo nahenoana ny feon'i Raissa miparitaka eny amin'ny tambajotrantserasera. Vao afak'omaly ihany koa izy rehefa nivoaka ny efitranom-pitsarana no nanonona anarana tomponandraitra ambony eo anivon'ny minisiteran'ny fitsarana sy ny mpitsara ambony ho mpanao kolikoly sy naka ny volany. Tsiahivina fa nomelohin'ny fitsarana hisazy 7 taona antranomaizana asa an-terivozona ity renim-pianakaviana ity, rehefa voampanga ho nikasa hamono olona. Hatreto aloha dia miandry ny tohin'ny raharaha ny rehetra. Tsy misy mahafantatra izay mety ho fahamarinan'ireny ampamoaka ireny fa ny fanadihadiana no andrasan'ny vahoaka. Manoloana io dia naneho ny heviny ny loharanom-baovao iray avy ao amin'ny tontolon'ny fitsarana ihany, nisolotena ny mpiasan'ny minisitera. Ity farany dia nangataka ny tsy hotononona Anarana, noho ny tahotra tsindry sy ny tsy fahazoany alalana hiteny avy amin'ny lehibeny. *« Tsy tokony hitazam-potsiny ireo olona ao amin'ny minisitera ireo ny minisitra vaovao. Tena manimba endrika sady miteraka fahafaham-baraka ho an'ny departementa tantanany ireny. Mila mampiseho ny Minisitra fa tena hanadio izy fa tsy kobaka am-bava fotsiny. Manao antso avo amin'ny Filoham-pirenena sy ny Praiminisitra izahay hanadio na hanala ireo olona voantonontonina ireo raha voaporofo ny zavatra rehetra voalazan'ity renim-pianakaviana ity. Tsy mendrika hitazona andraikitra ambony eto amin'ny firenena ny olona tahaka izany »*, hoy ilay loharanom-baovao.

**Fanairana**

Tsara hatrany ny mampahatsiahy fa anisan'ny nasongadin-dRtoa Randriamantenasoa Landy Mbolatiana, Minisitry ny Fitsarana sady Mpitahiry ny Tombokasempanjakana ny ady amin'ny kolikoly, araka ny teniny nandritra ny fifamindram-pahefana teo aminy sy ny MINISITRA teo aloha teny Faravohitra tamin'ny alarobia 22 febroary 2023. Tenin-dRamatoa Minisitry ny fitsarana, raha nitafa voalohany tamin'ny mpanao gazety ny tenany ny hoe : *"Laharam-pamehana ny ady amin'ny kolikoly. Tsy ho tody mihitsy ny tanjona, hoy izy, raha mbola manjaka ny kolikoly"*. Nambarany fa tsy handefitra izy manoloana ireo dosie mafana ary hisy ny fanapahan-kevitra hatao ary hosokafana ny fanadihadiana. *"Isika dia tany tan-dalàna »*, hoy izy ihany, « *ary tsy misy havahana na iza na iza fa mihatra amin'ny olona rehetra ny fampiharana ny lalàna. Raha misy ny fihoaram-pefy dia hampiharina ny lalàna ary izany no anisan'ny endrika iray hanehoana ny ady amin'ny kolikoly"*. Araka izany dia andrasana amin'ny Minisitra ny fampiharana izao toky sy ny teny nomeny izao mba hitondra fahatokisan'ny vahoaka indray izany fahaleovantenan'ny fitsarana izany. **Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***Lehilahy iray 18 taona no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahatelo** teny Antaninandro afakomaly tokony ho tamin'ny 10 ora maraina noho ny vaky trano sy halatra miharo herisetra miaraka amin'ny antsy. Araka ny fantatra dia mpitatitra entana eny Antaninandro eny ny tenany izao voasambotra izao. Lehilahy iray no tonga nametraka fitoriana tany amin'ny polisy ny 2 may tokony ho tamin'ny 10 ora maraina fa niharan'ny halatra miharo herisetra. Araka ny fanazavana azo dia telo lahy nitondra antsy no nanatanteraka ny asa ratsy taminy. Nambanan'ireo roa lahy tamin'ilay zava-maranitra izy ka tsy afa- nanohitra fa natahotra ny ainy. Rehefa avy eo dia naka izay tiany nalaina teny aminy ry zalahy ary nandeha nitsoaka avy eo. **T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Polisy**




## Hatsikana an-tsary

**Hafahafa**




## Masoandro Miposaka

**Asan'ny Apostoly 1 : 14**

14 Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka mbamin'ny vehivavy sy Maria, renin'i Jesosy, ary ny rahalahiny.

## Indray mipika




**Nanatontosa ny pejy**

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Toy ny famaky mijinja hazo, ka ny ahy momba ny azy.**

Pareil à la hache qui abat les arbres, ce qui est à moi,(c.à.d. la hache) s'en va avec ce qui est à eux.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2943

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | | 3 | | | | | 4 |
| | | | | 8 | | | 1 | |
| 9 | | 8 | | 5 | | | | |
| | | 3 | | | | 4 | | |
| 4 | | | | | | 9 | | |
| | | 6 | 8 | | | | 2 | 5 |
| | | 7 | | 6 | | | | |
| | 6 | | | | | 8 | | |
| | 2 | | | | 7 | | | |

Valin'ny laharana 2942

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 1 | 5 | 9 | 6 | 3 | 2 | 7 | 8 |
| 6 | 3 | 2 | 7 | 5 | 8 | 1 | 9 | 4 |
| 8 | 9 | 7 | 2 | 4 | 1 | 6 | 3 | 5 |
| 7 | 6 | 3 | 8 | 2 | 5 | 9 | 4 | 1 |
| 1 | 2 | 4 | 3 | 9 | 6 | 8 | 5 | 7 |
| 9 | 5 | 8 | 1 | 7 | 4 | 3 | 6 | 2 |
| 5 | 7 | 1 | 6 | 8 | 9 | 4 | 2 | 3 |
| 3 | 4 | 9 | 5 | 1 | 2 | 7 | 8 | 6 |
| 2 | 8 | 6 | 4 | 3 | 7 | 5 | 1 | 9 |

BIANCO

# Handraisana fepetra manokana ny filohan'ny CAF teo aloha

*Hiampy indray ny raharaha mahavoasaringotra io mpanao politika sady olon'ny fitondrana teo aloha io.*

Fitarihana fikomiana ve sa tsy fanajana ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara fotsiny tsotra izao ? Ireo ny fanontanina napetraky ny Tale Jeneralin'ny Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly manolona ny zava-nitranga tany amin' ny biraon'ny Bianco any Mahajanga nandritra ny fanadihadihana natao tamin' ny filohan'ny konfederasiôna afrikan'ny baolina kitra teo aloha, Atoa Ahmad, tamin'ny talata lasa teo. Raha tsiahivina, talohan'ny nidirany tao amin'ny biraon' ny Bianco dia niparitaka teny amin'ny tambajotran-tserasera ny taratasy fampiantsoana azy ary tonga maro nanotrona azy ny zanak'i Mahajanga. Dia nilaza ny tale Jeneralin'ny Bianco, Laza Andrianirina, fa fandikan-dalàna izany ka handraisana fepetra manokana Atoa Ahmad, filohan' ny konfederasiôna afrikana amin'ny baolina kitra, na CAF teo aloha io. *"Nisy zavatra niseho tokoa tany Mahajanga ary fitarihana olona ilay izy. Araka ny hitantsika dia nivoaka tany amin'ny fitaovan-tserasera maro samihafa ilay fiantsoana. Mazava ny any anatin'ny fiantsoana ary ny fiantsoana tompoko dia "acte d'enquête". Ny fanaparitahana izany any anatin' ny tambajotran-tserasera dia mamoafady. Tsy maintsy hisy fepetra aloha voalohany indrindra horaisaina amin'izay. Ny fiantsoana, dia tsy fiantsoana ny vahoaka rehetra ho any amin'ny birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly hanohana olona iray na roa, izay voarohirohy amin'ny raharaha iray. Inona izany no antony nitarihany olona amin'ny alalan'ny famoahana ilay fiantsoana azy hiatrika fanadihadihana. Azo heritreretina ho fitarihana fikomiana ve ? Fitarihana ny tsy fanajana ny tany tan-dalàna ve ? Ny fanadihadihana no hamantatra an'izay ary tsy maintsy hisy fepetra horaisina »*, hoy ny Tale jeneralin'ny Bianco tamin'izany.

**Raissa Razaivola**

Ny dikany, hiampy indray araka izany ny raharaha mahavoasaringotra io mpanao politika sady olon'ny fitondrana teo aloha io. Raha ny fantatra dia raharaha mahavoasaringotra azy ka niatrehany fanadihadihana teny amin'ny Bianco ny olana ara-tany, saika hananganana hotely lehibe any Soalala. Etsy andanin' izany, nitondra ny heviny manoloana ny raharaha nanasaziana an-dRtoa Raissa Razaivola sy ireo ampamoaka nataony ihany koa ny Tale Jeneralin'ny Bianco, omaly. « *Ny Bianco dia tsy mpitabataba aloha voalohany indrindra fa miasa ao anatin'ny fitoniana mba hahafantarana ny marina. Na izany na tsy izany, tsy afaka milaza ny tsiambaratelon'ny fanadihadiana izahay saingy mahita ny zava-misy eto amin'ny tany sy ny firenena* », hoy ny teniny. Andrasana araka izany ny vokatry ny fanadihadihana ataon'ny Bianco amin'ireo tomponandraikipanjakana sy mpitsara nambaran-dRtoa Raissa Razaivola ho manao kolikoly avo lenta eto amin'ny firenena, indraindra amin'io raharaha nanasaziana azy io. Etsy andanin'izany, marihina fa vita sonia teny Ambohibao omaly ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Bianco sy ny GEM, na ny Vondron'ny Orinasa eto Madagasikara, ary ny FIVMPAMA.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mampitsangam-bolo !

**Mifamahofaho ny zava-misy eny amin'ny fitsarana. Efa aman-taonany maro no mahabe resaka ny kolikoly sy ny fitsarana mitanila, mampivadika tanteraka ny marina sy ny rariny ka izay manam-bola sy manampahefana no mpandresy. Ao anatin'ny fitsarana ihany dia manomboka andrenesam-peo hafahafa ny fomba fiasan'ny mpisolovava sasantsasany, sady mandray ny antontatarasin'ny olona arovany, nefa misabaka sy miray tendro amin'ny mpifanandrina amin'iretsy voalohany, ahazoana tombontsoa. Trangan-javatra tsy vitan'ny hoe mifanohitra amin'ny fianianana natao fa ahiana hanapotika tsikelikely ny asan'ny mpisolovava, noho ny mpanjifa manomboka mahatsikaritra fa misy amin'izy ireo no tsy mendri-pitokisana. Taorian'ny fitsarana ny raharaha Raïssa Razaivola, ny alakamisy lasa teo dia vao mainka mampitsangambolo ny zava-misy satria ankoatra ny feo naparitaka eny amin'ny tambajotra sôsialy dia ny tenan'io renimpianakaviana io no nitabataba, teny amin'ny tokotanin'ny fitsarana ny hamerenan'ny tompon'andraikitra ambony roa, ao amin'ny minisitera mpiahy ny volany. Marina ve sa tsia ny nambarany? Antenaina fa hitondra fanazavana ny tompon'andraikitra tandrify, mba tsy ho tompon-trano mihono ny olom-pirenena izay manan-jo hahalala ny zava-misy. Ankoatra izay, tsy vitsy ny mpahay lalàna no nahatsikaritra fa nampiharihary loatra ny fanaovana fitaovana ny fitsarana ny raharaha Raissa Razaivola. Antony, na dia nisintona ny fitoriana aza ny mpitory, ary na dia tsy tonga teny amin'ny fitsarana aza ny vavolombelona dia tsy nanakana ny mpitsara hamoaka sazy henjana izany ho setrin'ny fiampangana fikasana hamono olona fa tsy hoe efa nisy faty olona akory ! Andrasana ny tohiny !**

Voahangy Rakotozafy

Siteny Randrianasoloniaiko:

# "Tsy hanao valifaty pôlitika, raha tonga eo amin'ny fitondrana"



Mitohy ny fitsidiham-paritra ataon'ny loko mavo. Tao amin'ny "espace Eucalyptus" Ambatoboeny no notanterahina ny "Mihava Tour", tamin'ny alakamisy lasa teo. Nandritra izany no nilazan'ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko fa "raha tahian' Andriamanitra ka izy no mitondra dia tsy hisy ny valifaty politika; tsy hisy hazalambo handrodanana ny hafa. Notsiahiviny fa mila tandrovina eto Madagasikara ny fihavanana, araka ny nambaran'ny Papa Ray Masina, nandritra ny fandalovany teto Madagasikara, tamin'ny taona 2019. Nokianiny kosa ny fandrobana ny tantsaha mpamboly lavanila amin'ny alalan'ny fampiakarana ho 50 ariary ilay "taxe" 20 ariary alaina isaky ny kilao. Voalaza anefa fa tsy nifampierana tamin'ny tantsaha io fanapahankevitra io ka mahatonga azy ireo hitaraina. Manoloana izany dia napetraka amin'ny governora ny fanontaniana hoe: Aiza io vola io? Tsy misy afa-tsy ny fanarahana ny fitsinjaram-pahefana, voasoratra ao anaty lalampanorenanana no lalantokana hampivoatra an'i Madagasikara, hoy ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko, satria ny faritra no hamaritra izay laharampahamehany sy izay fomba ahitany vola ary izay hampiasana izany. "Aoka tsy ho voafitaka intsony ny vahoaka", hoy ihany io olomboafidy io. "Izahay rahateo tsy mampanantena zavatra tsy vita", hoy ihany ny mpitarika ny Mihava Tour. Ankoatra izay, nomelohin'i Siteny Randrianasoloniaiko ny fandaniam-poana ataon'ny fitondrana amin' izao fotoana izao. Noresahiny manokana tamin'izany ny solika omena ny minisitry ny Vola sy ny Tetibola izay mahatratra miliara. Ary nametra-panontaniana io olomboafidy io ny amin'ny hoe: Inona avy no handaniana izany volabe izany?

**V.R.**

Fikambanan'ny senatera teo aloha (ACS)

# Mitaky ny hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara

Manao ranolava ankehitriny ny fanehoan-kevitra politika. Isan'ny nanao izany omaly ny fikambanan'ireo mpikamban'ny Filankevitry Ambonin'ny Tetezamita sy senatera teo aloha, na ACS (Amicales des Anciens Conseillers Supérieurs de la Transition et Sénateurs de Madagascar). Araka ny fanambarana nentin'ny Dr Randriamaholison Jules mpitarika ny ACS dia tokony hohavaozina ny lalàna rehefa efa lany andro, ka tafiditra ao anatin'izany ny lalàmpanorenana. « *Tanjona ny hisian'ny fanovana ifotony eto amin'ny firenena na eo amin'ny lafiny ara-politika, ny lafiny ara-toekarena* », hoy ny fanambaran'ny ACS. Mikasika ny fifidianana, dia takian'izy ireo ny hisian'ny latsa-bato madio sy mangarahara, mba hirosohana ny fiverenan'ny krizy mety hamotika ny firenena. Ankoatra ireo, nametraka sahady ny toetry ny olona tokony ho lany ho Filohampirenena amin'ity fifidianana 2023 ny ACS. Faritan'izy ireo ao anatin'ny teboka fito ny toetra tokony hananan'izay ho Filoham-pirenena. *"Ny fikambanana ACS dia hanohana izay kandidà mahafeno ireo fepetra ireo"*, hoy ihany ny fanazavana.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Trosa 250 miliara Ariary tsy voaloa

# Nandrahona hanapaka ny famatsiana herinaratra ny "Tozzi Green"

*Nitondra fanazavana ny minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo. Nisy ny fihaonan'ny roa tonta.*

Mafampana ny toe-draharaha eo anivon'ny orinasa JIRAMA. Niparitaka tamin' ny tambajotran-tserasera Fesiboky ny taratasy nalefan'ny kaompania "Tozzi Green Madagascar" ho an'ny minisitry ny angovo sy ny akoranafo ary ny Tale Jeneralin'ny JIRAMA, izay mampahafantatra ny tsy fahafahany manohy ny famatsiana herinaratra amin' alalan'ireo tobim-pamokarany HYDELEC sy MAHITSY HYDRO noho ny fahasahiranana nateraky ny trosa 250 miliara Ariary mbola tsy voaloa. Tamin'ny 3 may lasa teo no nanaovana ity taratasy ity. Marihina fa miasa amin'ny famokarana angovo maitso eto Madagasikara amin'ny alalan'ireo tobim-pamokarany mandeha amin'ny tohodrano any Sahanivotry sy Maroantsetra ary Mahitsy ity kaompania ity. Niaiky ny fisian'ity taratasy ity ny teo anivon'ny minisiteran'ny angovo sy ny akoranafo, saingy nilaza fa efa talohan'ny fihaonana sy ny fifanarahana amin'ny tsy hisian'ny fahatapahan'ny famatsiana no nisy nanaparitaka. Mbola nohamafisin' ny minisitera fa nisy ny fihaonana sy ny fifampiresahana ary ny marimaritra iraisaina teo amin'ny minisitry ny angovo sy ny akoranafo sy ireo tomponandraikitra teo anivon'ny "Tozzi Green" tamin'ny alakamisy lasa teo ary mitohy tsy tapaka ny famatsiana herinaratra avy amin'ireo tobim-pamokarana any Sahanivotry sy Maroantsetra ary Farahantsana Mahitsy. Tsiahivina fa vao tsy ela akory ny JIRAMA no nanao fanambarana amin'ny famerenana ny fanapahan-jiro mihodina, na ny delestazy, noho ny tsy fahampian'ny solika ampiasainy, ary vao nanao antso tolo-bidy iraisam-pirenena amin'ny famatsiana solika mavesatra. Taorian'io fanambarana io dia maro ireo faritra teto an-dRenivohitra no niaina fahatapahan-jiro matetika sy maharitra ora maro. Ary vao haingana koa ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola no nilaza fa mitentina 441 miliara Ariary ny fampindramambola efa nomen'ny fanjakana ho an'ny JIRAMA nandritra ny telovolana voalohany tamin'ity taona ity, izay nentina namerenana ny trosan'ireo mpamatsy solika.

**R. Muray**

Fanantenana FAFI V

# Zazalahy an-jatony maro vita didimpoitra faobe 2023

Toy ny efa fanaony isantaona nandritra ny taona maro izay dia nanomboka ny alarobia 3 sy alakamisy 04 mey 2023 teo ny didimpoitra faobe ataon'ny fikambanana mpanao asa soa FAFI V ao anatin'ny boriborintany faha-V. Iarahan'ny fikambanana miasa amin'ny "Clinique" Fidy eny Ambatomainty moa ny hetsika ary tamin'ireo andro roa volaza etsy aloha ireo dia efa zazalahy an-jatony maro no vita famorana. *"Isan-taona dia manampy an'ireo Ray aman-dReny ato anatin'ny boriborintany misy antsika izahay entina manala ny fahasahiranan'izy ireo sy koa mba haha-zazalahy vita ny fomba malagasy ny zanany"*, hoy Rtoa Hanitriniala Raholdina, filohan'ny fikambanana Fanantenana FAFI V.. Nohamafisin-dRtoa filohan'ny Fikambanana Fanantenana FAFI V fa *"maimaimpoana avokoa ny fanatanterahana ny didimpoitra ary mbola notolorana kilalao sy bisky ary vatomamy ireo ankizy lahy vita didimpoitra. Ny Ray aman-dReny nahavita adidy kosa dia nizarana PPN toy ny: savony, menaka, vary, macaroni"*. Fantatra fa efa nandritra ny 18 taona izay no niara-niasa ny Dr Fidy sy ny Fikmbanana Fanantenana FAFI V raha efa 23 taona mahery kosa no nanao asa soa nanampy an'ireo olona sahirana ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina mivady. Izao hetsika izao no natao dia mba hanampiana an'ireo fianakaviana sahirana, satria sady mandala ny fomba malagasy no ara-pahasalamana ny didimpoitra atao. Miasa sy manasoa vahoaka no filamatry ny Fikambanana "aza manao kely tsy mba mamindra" ka mitohy ihany ny asa sosialy ataon'ny Fanantenanana FAFI V.



**Faly ilay zazalahy kely vita famorana ka nanao dona kely tamin'ny mpikarakara.**

**Heriniaina A.**

Fadintseranana Malagasy

# Tanteraka ny 45 isanjaton'ny asa fanavaozana

Mandroso ny asa fanavaozana eo anivon'ny Fadintseranana Malagasy. *"Mizotra mankany amin'ny lalan'ny fanavaozana amin'ny alalan' ireo tetikasa 31 voafaritra ao anatin'ny drafitra stratejika ny Fadintseranana Malagasy. Efa hita soritra avokoa ny 95 isanjaton'ireo tetikasa ireo ary efa tanteraka ny 45 isanjaton'ny asa."*, hoy ny Tale jeneralin'ny Fadintseranana Malagasy, Zafivanona Lainkana Ernest. Notokanana omaly teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ny ivotoerana môderina fanarahamaso sy fikirakiarana entana. Tany Toamasina no nametrahana ity fotodrafitrasa ity voalohany tamin'ny taona 2022. Natao hanatsarana sy hanafainganana ny fikirakirana sy ny fanarahamaso ireo entana eo anivon'ny Fadintseranana Ivato ity fotodrafitrasa vaovao ity. Misy birao fiasan'ireo mpiasa ary manana vata miafina fitehirizana ireo entana tratra an-tsokosoko. Tonga nanatrika ny lanonam-pitokanana ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rindra Hasimbelo Rabarinirinason, ary nanambara fa tsy misy firenena afaka milaza ho mandroso eo amin'ny fiambenana ny sisintany raha tsy manana fotodrafitrasa môderina toy ny any Eôrôpa sy Etazonia ary Korea. Mbola omaly ihany, nisy ny fanaovantsonia fifaraham-piarahamiasa teo amin'ny Fadintseranana Malagasy sy ny Oniversiten'Antananarivo tamin'ny alalan'ny Fakiolten' ny EGS (Economie, Gestion, et Sociologie). Hifantoka amin'ny fanohanana ireo tanora eo amin'ny lafiny fampianarana sy arak'asa ary ny fampivelarana ny lafiny fikarohana ny fiarahamiasan'ny roa tonta. Nosantarina tamin'ny famelabelaran-kevitra narahina ady hevitra niarahana tamin'ireo mpianatry ny Oniversite teny Ankatso ny fanombohan'ny fiaraha-miasan'ny andaniny sy ny ankilany.



**Lanonam-pitokanana teny Ivato omaly.**

**R. Muray**

Fahasalamana

# 32,4 isanjaton'ny mpiasan' ny fahasalamana rasazy avokoa

Nomarihina omaly teny Ivato ny andro Iraisam-pirenena ho an'ny mpampivelona. Raha ny antontan'isa, mbola tsy ampy mihitsy ny isan'ireo rasazy miasa eto amintsika, satria rasazy 2,5 no miandraikitra mponina 10 000. Eto Madagasikara, 32,4% amin'ny mpiasan'ny fahasalamana rasazy avokoa. Ny fenitra anefa, tokony ho mpampivelona 4,4 no misahana mponina 10 000 ary mbola ambany lavitra izany raha ny tokony ho izy, satria infirmie, mpitsabo ary rasazy 4,45 ho an'ny mponina 1 000. Any amin'ny toerana lavitra andriana any tokoa mantsy, mpampivelona iray monja no miandraikitra tobim-pahasalamana na CSB, manao ny vakisiny, mitsabo ireo marary ary mampiteraka, ary indraindray aza mitsidika marary ka voatery mandeha an-tongotra. Iarahan'ny rehetra mahita anefa fa mitana andraikitra goavana ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza ireo mpampivelona, satria ny 87 isanjaton'ny fitsaboana azy no vitan'izy ireo. Manerana an'izao tontolo izao, misy fahabangana rasazy hatrany amin'ny 18 isanjato hita hatramin'ny 2030. Fantatra ihany koa fa ny 80% amin'ny fitsaboana dia iantohan'ny rasazy sy infirmie avokoa. Mba tsy hanaratsy ny toejava-misy, ilaina ny fandraisana fanapahakevitra haingana, fampidirana mpiasan'ny fahasalamana indrindra ireo nivoaka avy eny anivon'ireo sekoly miankina amin'ny fanjakana.

**Nath**

Tobim-pahasalamana

# 50 isanjaton'ny aretina no azo sorohana raha madio ny tanan'ny mpitsabo

Be ny aina very, fahazoana aretina mandritra ny fanatontosana ny asa fitsaboana noho ny resaka loto, indrindra ny loton'ny tanana. Amin'izao fanamarihana ny andro maneran-tany amin'ny fanadiovana tanana eny anivon'ny tobim-pahasalamana sy hopitaly izao, nisy hetsika fanentanana ireo mpiasan'ny fahasalamana notanterahina omaly tetsy amin'ny CHU JRBefelatanana. Naverina nampahafantarina indray ireo mpiasan'ny fahasalamana fa ny 50 isanjaton'ny aretina afaka sorohana raha manaraka ny fenitra ny mpitsabo. Ilaina ny manasa tanana mialohan'ny hiditra ao amin'ny trano fitsaboana, mialohan'ny hikasika marary, aloan'ny fandraisana marary roa samihafa ary rehefa avy manao asa fitsaboina toy ny tsindrona na zavatra hafa. Nilaza ny Pr Randrianasolo Radonirina, filoha lefitry ny société Malgache de Prevention et Contrôle Wash eo anivon'ny hopitaly Befelatanana fa maro dia maro ny aretina mety hifindra amin'ny tsy fanasana tanana araka ny tokony ho izy eny amin'ny tobim-pahasalamana. Anisan'izany ny « infection urinaire », « infection du site operatoire » ary ny « infection cutanée". Misy mikraoba maro ny vatana ka raha tsy voasasa ara-dalana indrindra ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana dia hisy fifindran'ny tsimokaretina. Mety ho avy amin'ny marary na avy amin'ilay mpiasan'ny fahasalamana na avy amin'ny manodidina izany. Efa tsy loza manambana intsony fa loza mihatra no misy ary tsy eto ihany fa maneran-tany.

**Nath**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale Jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax**. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 068 - 05 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

Nahandro

## Bananes sucrées au lait de côcô

**Ireo zavatra ilaina**: akondro 12, siramamy vovony 500g, ranona côcô 50cl, côcô voakiky 50g.

**Fomba fikarakarana azy** : Avela hiara-hiketrika anaty vilany mandritra ny 15 minitra ny rano iray litatra sy ny siramamy. Voasana ny akondro dia arotsaka anatin'ilay ranon-tsiramamy ary avela hiketrika mandritra ny 10 minitra indray. Alefa ao ihany koa ny ranona côcô. Rehefa izany, esorina ny akondro ary atao anaty lovia. Rarahana ilay vovona côcô voakiky eo amboniny. Atao anaty lovia hafa kosa ilay saosy avy nandrahoana ny akondro dia miaraka aroso izy roa rehefa hihinana.